Faha 120 taonan'ny Tobilehibe Soatanana sy ny Fifohazana teto Madagasikara

Gazety "DIDY VAOVAO"

Entina hanamarihana ny faha 120 taona nahaterahan'ny Fifohazana teto Madagasikara, sy ny faha 110 taonan'ny "10 aogositra" voalohany nankalazaina tany Soatanana, dia ho marihan'ny Zanaka am-pielezana amy tsangambato hita maso izany. Noho izany, dia hivoaka tsy ho ela ny gazety "DIDY VAOVAO" misy pagina 16, ary hahitana ny tantaran'ny Fifohazana sy ny niforonany teto Madagasikara. Fanombohan-draharaha io laharana voalohany io ka isan'enimbolana no hanontana azy.

Teraka ny Fifohazan'ny Mpianatry ny Tompo Faritra Eoropa sy ny any Afrika Andrefana

TORITENY

Ny Fitoriana ny Tenin"Andriamanitra no vaindohan-draharaha eo amy ny fanitarana ny ambaindain'ny Fanjakan'Andriamanitra. Nomena ny solontenan'ny tobilehibe Soatanana ny toriteny tanaty fotoam-pivavahana litorjika tao amy ny FKMA Abidjan (Fiangonana Kristiana Malagasy Abidjan) any Côte d'Ivoire. Inefatra no nahazo anjara toriteny toy izany ny irak'i Soatanana.



Sary teo am-piravan'ny Fiangonana FKMA tany Abidjan

Fijoroana vavolombelona

Nasain'ny Pastora Michel Lobo, Mpitondra ny Paroasy EMUCI (Eglise Méthodiste Unie de Côte d'Ivoire) nitondra fanazavana mikasika ny tobilehibe Soatanana sy ny fifohazam-panahy niseho tamy 14 oktobra 1894 ny Mpamangy avy any Soatanana. Nampahafantarina ny rahalahy sy anabavy Ivoiriana koa ny fandraisana an-tanana sy fitaizana ny tsy salama ara-batana sy saina ary fanahy. Anisan'izay ireo voan'ny aretina tsy azo hivalozana toy ny cancer, ny insuffisance rénale en phase

terminale, ireo mpidoroka zava-pisotro sy miankin-doha amy zavatra mahadomelina, ary indrindra ireo izay efa nalefan'ny Dokotera hody ka hialana nenina etsy sy eroa.



Fahefakadiny no namelabelarana ny fampianaran-dRangahy Raisnisoalambo sy ny fandraisana an-tanana marary amy toby fifohazana

Rakitra Fanampiana

Nanentana ny Kristiana tao aminy ny Pastora Michel Lobo mba hanao tsipaipaika izay foiny ny malala-tanana alefa ho any Soatanana entina manome tanana izany fitsaboana marary izany. Nitentina 60000 CFA sy 250 euros ny totalin'ny fanomezana tamin'izany.



Naneho ny hafaliany tamy ny mpitsidika ny antoko mpihiran'ny EMUCI

Fampianarana Soratra Masina

Miatrika fampianarana Soratra Masina isaky ny Zoma hariva ny Kristiana tarihin'ny Mpitandrina. Nomena ny solontenan'i Soatanana koa ny Zoma inefatra misesy. Nahafahana nampianatra asam-piraisana izany. Nampianarina koa ny pratika Soatanana eo amy ny asa sy fampaherezana. Ny Didy vaovao moa no tena notsindriana noho ny hamehan'ny fotoana.



Nifandimby nandray ny fampianarana Soratra Masina ny tokantrano samy hafa. Voapetraka ny fampianaran-dRangahy Rainisoalambo

Asa sy fampaherezana

Ankoatra ny fampianarana pratika nampandraisana anjara an'ireo mpanolotena ho mpiomana, dia maro ireo fianakaviana nangataka nanaovana asa sy fampaherezana tany an-tokantranony, sy nositranin'ny fandrenesana ny Tenin'Andriamanitra.



Tokantrano iray nangataka fotoam-bavaka sy niasana manokana

Fanasa-tongotra

Alahady tolakandro tany an-tokotanin'ny FKMA teny amy "Plateau" (io no Centre-ville ao Abidjan) no notanterahana ny fanasan-tongotra ho an'ny rehetra.



Resy lahatra ka nandray anjara ireo Diakona sy Loholona

Sakafom-pitiavana

Rehefa mirava fiangonana, dia mitanjozotra any amy toerana antsoina hoe Port Bouet, amoron'ny Ranomasimbe Atlantika ny rehetra miatrika ny fiaraha-misakafo.



Agapè ihany no hiantsoana azy, na sakafo ambony latabatra aza

Firaisan-kina

Olona manana fahasembanana

Tsy noadinoin'ny Mpiandry Soatanana ny mitsidika sy mifandray amy ny olona manana fahasembanana amin'izay firenena tsidihana. Izy no Joss Kezo, mpitari-tolon'ny olona manana fahasembanana. Sady Artista mpanakanto izy no mpikambana tamin'ny antokon'Ingahy Laurent Gbagbo. Naman-dry Alfa Blondy sy ry Itompokolahy Ernesto Djedje i Jess Kezo



Joss Kezo Artista mpanakanto manana fahasembanana

Mpanao gazety

Maneho firaisan-kina koa ny samy Mpanao gazety. Nitsidika ny Redaksionan'ny gazety VOIE izay potika sy rava tanteraka nandritra ny ady nifanaovana tany Côte d'Ivoire. Nihaona tamy ny PDG sy ny Réd Chef ny Mpianatry ny Tompo, nitafatafa sy nifanakalo hevitra ary nanao anterivava azy ireo.



Rava tanteraka ny Redaksiona VOIE any 2 Plateaux taorian'ny « Guerre »

Nihaona sy niatrika interview nifanaovana tamy Elisabeth Goli Journaliste sportive ao amy gazety Fraternité Matin koa, ary nifanakalo hevitra tamy Stanislas Ndyaïshimié, antenne RFI any Côte d'Ivoire.



16 FRAT-MAG N°48 DU SAMEDI 6 JUILLET 2013

Portrait ÉLISABETH GOLI

Razaka Oliva

Journaliste malgache

Berger de la plume

Il s'appelle Razaka Oliva. Ce journaliste malgache de presse écrite et de radio d'Antananarivo en visite à Abidjan, depuis quelques semaines. Il est aussi berger d'une église presbytérienne. Razaka a un parcours particulier et admirable. Sa conversation est très loin d'être ennuyeuse, tant l'homme est éclectique. Titulaire d'une licence de droit et d'une maîtrise de gestion en banque, il est arrivé dans la presse en 1998, à la suite d'un concours d'entrée à l'école de journalisme. C'est un véritable génie. Tenez : Oliva Razaka touche à toutes les rubriques (politique, sport, culture, faits divers, diplomatie, économie, ...), tant dans la presse écrite que la radio. Il travaille en free-lance pour plusieurs journaux (Quotidien Basy Vava, Ny Vaovaontsika) et radios (Aceem Radio, un groupe de radio universitaire de proximité en ligne et Madagascar Tribune). « *Je suis devenu journaliste par accident après avoir quitté les différents domaines d'activité où j'exerçais. J'ai participé à un concours et j'ai obtenu un master en journalisme. Depuis 1998, je suis journaliste free-lance et je travaille dans tous les domaines* », explique-t-il. Ce journaliste atypique a plusieurs cordes à son arc. Outre le journalisme, il est également diplômé en théologie. Ce berger qui a reçu le sacre en 2000, est spécialisé dans la prise en charge des malades en phase terminale et des toxicomanes. En gros, il fait des miracles. Oint par la puissance du Saint-Esprit, il guérit les malades comme le fils de Dieu, Jésus-Christ. Humble et fidèle croyant, il refuse la paternité de ces guérissons. A cet effet, il dit : « *Ce n'est pas moi qui guérit, c'est Jésus. Mais c'est aussi la foi du malade et l'harmonie au sein de la famille* ». Il pratique aussi l'exorcisme. Avant de se lancer dans la presse, il a travaillé dans plusieurs secteurs d'activité dont la marine nationale et marchande. Concernant le sport, c'est un grand fan de Didier Drogba et des Eléphants. C'est à juste titre qu'il arbore fièrement le maillot des Eléphants qu'il a obtenu, lors du passage de la sélection ivoirienne à Madagascar, dans le cadre des éliminatoires du Mondial 2010.

Photo Elisabeth Goli

Artikola portrait Mpanao gazety/Mpiandry avy any Soatanana, nosoratan'ny namana Elisabeth Goli, Journaliste sportive « Fraternité Matin »

Fanaovam-beloma

Mbola anjaran'ny solontenan'i Soatanana no nanatanteraka ny toriteny nandritra ny fotoam-pivavahana litorjika nanaovam-beloma azy. Naneho ny fankasitrahany ny Kristiana tsivakivolo mandrafitra ny FKMA Abidjan. Ankoatra ny teny nifandimbiasana nanaporofo izany, dia nisy koa marika hita maso ho fahatsiarovana ny fivahinina volana vitsivitsy tany Côte f'Ivoire.

Marihina fa ny anaran'ny firenena ivoarianina tian'ny teritaniny hiantsaona azy dia "Côte d'Ivoire" (amy teny frantsay) fa tsy adika teny anglisy na espaniola na teny hafa. Efa voapetraka tany anivon'ny Firenena Mikambana izany fitiavany hiantsoana ny taniny izany.



Fanaovam-beloma sy fanolorana fahatsiarovana

Vokatry ny misiona tany Côte d'Ivoire : nisy tokoa ireo Kristiana nanolo-tena hiditra Mpiomana ho Mpiandry, ary hatokana any amy Tobilehibe Soatanana rehefa vita fiofanana.

Maro amin'izy ireo no tonga maka rivotra eto an-tanindrazana amin'izao fotoana izao.

SOATANANA FARITRA EUROPE

Mita ranomasina ny fampianaran'i Soatanana

Efa nitsimoka any ivelan'i Madagasikara nanomboka tany amy taona 2011 ny fampianarana napetra-dRangahy Rainisoalambo tamy ny Fifohazan'ny Mpianatry ny Tompo miray amy ny FFPM. Ny fitambaramben'ny Mpianatry ny Tompo mielimpatrana ivelan'ny Nosy, manerana izao tontolo izao no antsoina hoe "Soatanana Faritra Europe". Izany no tapaky ny solontenan'ny Zanaka am-pielezan'i Soatanana vonory tao Andohan'Ivory (Fianarantsoa) tao an-tokantranon'Atoa Raheriharijaona Michel na Dada Hery, natrehan'ny Raiamandreny ny Tobilehibe Soatanana, Dada Rajosoa.



Fahatongavana tao amy garan'i Kassel hampita ny afom-pifohazana


Ho santatry ny fiitaran'ny tobilehibe Soatanana manerana an'izao tontolo izao no namondronana ny Zanak'i Soatanana (Diaspora) ao anatin'ny antsoina hoe Faritra Europe. Eoropa tokoa mantsy no vavahady mora mampisandrahaka antsika avy aty amy Nosy tapany atsimo raha ho any amy kontinante rehetra. Any Eoropa rahateo no tsotsotra kokoa ny fikarohana sy famoriana ireo zanak'i Soatanana. Mbola olona vitsy tsy ampy rantsan-tanana dimy akory no hany mba fantatra fa monina any, ka ireo aloa no nanaovana ezaka ny nampifankalalana azy. Anisan'izy ireny ny Pastora Andrianarivo Désiré mpitondra Fitandremana FPMA any Dijon (Frantsa) sy Ramatoa vadiny.



Pastora Andrianarivo Désiré Mpitondra Fitandremana FPMA Dijon


Zanak'i Soatanana, sy vehivavy Kristiana Malagasy iray nivahiny tao Paris

Any koa Mama Razafindramanga Lantoarisoa na Mama Zazah, Mpiandry (promotion Didy Vaovao Soatanana). Tany New York kosa i Mama Françoise (Promotion Didy Vaovao 2000 Soatanana), izay efa tafaverina soamantsara eto an-tanindrazana. Ary any Abidjan (Côte d'Ivoire) ny Dr Andriatsimialomananarivo Solomon, Mpitandrina FKMA Plateau Abidjan. Ny famondronana azy efatra mianadahy ireo no "embryon" nentina niainga hitarihina ny asa fanitarana sy fitoriana amin'ireo faritra samy hafa ireo.



Ireo Kristiana alema nanatrika ny fampianarana tany Kassel

Koa mangataka amintsika izay mamaky ity lahatsoratra sady artikolan-gazety ity, mba hahatsiaro ambavaka izany asa nampanaovin'i Jesosy ny mpanompony izany, ka ho toy ny voantsinampy handrobona ka hampitatra ny ambaindain'ny Fanjakan'Andriamanitra amy ny alalan'ny fampianarana napetra-dRangahy Rainisoalambo tao Ambalavato, Ambatoreny, Soatanana.



Mama Razafindramanga Lantoarisoa (Mama Zazah) Mpiandry no nandika teny. Tohadrano iray nodarofan'ny Angalisy baomba tamy 1943, niteraka "tsunami" ho an'ny mponina ka mbola alahelon-dranomason'ny Rain Boot mandrak'izao

Tsy nisy nanahirana ny fifandraisana satria mahafehy tsara ny teny alema i Mama Zazah, Mpiandry zanak'i Soatanana, promotion Didy Vaovao taona 2000, monina any Fritzlar Allemagne.

Hetsika ho tanterahan'ny Komitin'ny faha 120 taonan'ny Fifohazana eto Madagasikara entina manatevina ny faham-bahiny any Soatanana mandritra ny isantaona amy 13-18 septambra 2014:

- Hanao "Opération STERLIZIA"
- Hisy tolo-tanana homen'ireo Antoko Mpihira fanta-daza eto amy Firenena avy amin'ireo Fiangonana miombona ao anatin'ny Komity dia ny METM, EKAR, FJKM FLM

Nanangona Ramambazafy Jeannot